WIKIPEDIA

Fiteny gezy

Ny **fiteny gezy** na **geezy**, izay atao hoe **fiteny etiopiana tranainy** na **fiteny etiopiana klasika** dia fiteny hamito-semitika ao amlin'ny fianakaviam-piteny semita notetenina hatramin'ny taonjato faha-4 ao amin'ny Tandrok'i Afrika ary nipoitra avy ao amin'ireo faritra ao atsimon'i Eritrea sy ao avaratr'i Etiopia. Ny fiteny gezy dia fiteny ofisialin'ny Fanjakan'i Aksoma avy eo an'ny Fanjakan-dehiben'i Etiopia. Araka ny fanadihadiana tany aloha dia renin'ny ankamaroan'ny fiteny maro izy, nefa tsapa ankehitriny fa mitovy tantana amin'ireo fiteny ireo izay niara-nivoatra taminy izy. Soratana amin'ny abidim-baninteny gezy ny fiteny gezy. Atao hoe ግዕዝ / ge'ez io fiteny io amin'ny fiteny gezy.



Ny Genesisy 29.11-16 amin'ny fiteny gezy tamin'ny taonjato faha-15.

Ankehitriny dia fiteny fototra ampiasaina amin'ny litorjian'ny Fiangonana etiopiana ortodoksa teoahedo sy ny an'ny Fiangonana eritreana ortodoksa teoahedo ny fiteny gezy, isan'ireo mampiasa azy koa ny vahoaka jiosy Beta Israely. Ao Etiopia anefa dia ny fiteny ahmarika (izay fiteny ifaneraseran'ny mponina ao Etiopia ankehitriny) sy any Eritrea ary ao amin'ny faritr'i Tigray any Etiopia, ny fiteny tigrinia sy ny fiteny hafa koa dia ampiasaina amin'ny fitorian-teny.

Ny fiteny tigrinia sy ny fiteny tigre dia mety manam-pifandraisana hentitra amin'ny fiteny gezy. Misy anefa ny mpahay teny sasany izay mihevitra fa ny fiteny gezy dia tsy nipoiran'ireo fiteny etiopiana ankehitriny fa nipoitra amin'ny sampana izay tafasaraka tany aloha kokoa tamin'ny fiteny tranainy izay tsy fantatra fa eritreretin'ny manampahaizana, ary mety azo heverina ho fiteny mitovy tantana sady mitovy fipoirana amin'ny fiteny tigrinia. Ny mpanampahaizana etiopiana ahitana an-dry Amsalu Akilu dia manantitra ny maha maro anisa kokoa ny anarana nolovana izay tsy niova fanonona sy soratana mitovy na amin'ny fiteny gezy na amin'ny fiteny ahmarika (ary koa amin'ny fiteny tigrinia, na dia vitsy kokoa aza izany).

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_gezy&oldid=981010"

Voaova farany tamin'ny 12 Aprily 2020 amin'ny 17:18 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.